“Rehefa manao ozo ny iray aminareo ka manao ny kirarony, dia aoka hanao soalat miaraka aminy, ary aoka hisafo eo amboniny avy eo tsy esoriny raha tiany afa-tsy hoe tratry ny fahalotoana lehibe

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Rehefa manao ozo ny iray aminareo ka manao ny kirarony, dia aoka hanao soalat miaraka aminy, ary aoka hisafo eo amboniny avy eo tsy esoriny raha tiany afa-tsy hoe tratry ny fahalotoana lehibe".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Dàrakotni]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa raha manao ny kirarony ny mpino silamo iray rehefa avy nanao ozo, avy eo nandefa rivotra (nangetotra) ary te-hanao ozo, dia manan-jo ny hisafo fotsiny izy raha tiany, avy eo dia manao soalat miaraka aminy fa tsy manala azy mandritra ny fe-potoana voafaritra, raha tsy hoe tratry ny fahalotoana lehibe ka tsy maintsy manala ny kiraro sy mandro.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8392